

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Asa Fankatoavana Iray

Natao ho marina tamin'ny alalan'ny finoana aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

> "Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsi-fanarahan’ny olona iray, no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fanarahan’ny Anankiray." (Romana 5:19)

Noho ny hetsikan’i Adama tokana tsy nankatò, dia—maro—ireo taranany, izany hoe ny rehetra no tonga mpanota. Fa noho ny hetsik’i Jesosy iray nankatò, dia tonga olo-marina izay rehetra mino Azy.

Zava-dehibe io fitoviana io satria ny olona dia tonga mpanota noho ny fahotan’i Adama, anisan’izany izaho sy ianao, tsy mpanota amin’ny anarana fotsiny isika; fa araka ny natiora sy ny fihetsika.

Toy izany koa, rehefa nohamarinina tamin’ny alalan’ny finoana an’i Jesosy isika, dia tsy hoe mametraka anarana vaovao amintsika fotsiny Andriamanitra amin’ny fanesorana ny anarana hoe “mpanota” sy amin’ny fampiharana ilay anarana hoe “marina”. Raha ny marina, dia nohamarinina isika, araka ny natiora sy ny asa.

Tahaka ny tsy fankatoavan’i Adama no nahatonga antsika rehetra ho mpanota, dia toy izany koa ny fankatoavan’i Kristy dia afaka hahatonga antsika rehetra ho marina ihany koa. Tsy amin’ny vava ihany, na amin’ny teolojia ihany, fa amin’ny fomba—fiainantsika, amin’izay toetra voan-janahary izay ao anatintsika.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny sorona Nataonao. Manambara aho fa hetsika iray fankatoavana ny Ampahanao,ka tamin’ny alalan’ny finoana no nanamarinana ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-177-MLG

Nohavaozina farany: 13 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

